ANTANANARIVO RENIVOHITRA

Milaza habobo sy mampandry adrisa indray i Vazahabe

Nisy ny fifampitàna traikefa teo amin'ny kaominina Ambonivohitr'i Mahajanga sy ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny fiandohan'ny herinandro teo. Nandritra izany no nanambaràn'ny ben'ny tanàna Vaazahabe Naina Andriantsitohaina, fa raha ho an'Antananarivo Renivohitra manokana hoy izy dia maro ireo zavabita nandritra ny herintaona nitantanany ny renivohitr'i Madagasikara izay. Mbola eo andalam-panatanterahana hoy izy ny ny tetik' asa vaventy. Vonona hatrany hono ny CUA hizara izay ananany ho fampandrosoana ny Tanàna iombonana. Dia gaga ny maro satria dia mbola mampandry adrisa sy milaza habobo sy miseho ho mahay ity ben'ny tanàna ity. Vao niseho teo amin' ny fampielezan-kevitra i Naina Andriatsitohaina dia nampanantena, fa tsy maintsy handroso Antananarivo ary ho Tanàna Madio. Maro no voafitaka taty aoriana satria nanantena fa raha vao tonga teo amin'ny fitondràna tokoa Vazahabe dia hamiratra Antananarivo satria mitovy tadin-donkanga ny fitondràna foibe sy ny CUA , ny fampielezan-kevitra koa velirano nipoapoaka. Kanjo inona no teo ? fako misavovona no mameno ny tanàna. Fandrodanana ireo zava-bitan'ny teo aloha no nihazakazahana. Lalana potika sy lavadavaka no iainan'ny mpampiasa lalana. Ny fanasaziana tsy araka ny tokony ho izy no atao na tsy mifanaraka amin'ny lalàna aza, fa izay mahafalifaly sy mampidi-bola dia atao avokoa. Nampanantena ihany koa ny ben'ny Tanàna Naina Andriatsitohaina, fa hanamboatra kabone na toeram-pivoahana 200 isan-taona, nefa na WC iray aza mbola tsy hita mitsangana hatramin'izao. Ilay velirano nodradradradraina tsy mbola hita taratra hatramin' izao. Diso adiresy ireo avy any Mahajanga satria traikefa tsy mandeha araka ny tokony ho izy no hitany eto Antananarivo. Fako be miavosa ve no halaina tahaka ? fitantanana tsy mandeha amin' ny laoniny ve no angalàna traikefa ? Tsy eo Analakely manaraka ny Avenue de l'Indépandance ihany anie Antananarivo Renivohitra e! mandehana eny amin'ny 67 ha, Isotry sns… raha tsy hiteny afa tsy ireo fotsiny dia ho hita izay fihemoran'ny renivohitr'i Madagasikara izay.

Helisoa

Kolontsaina

Ny marina momba ny vakoky ny Mpanjaka Ranavalo III tany Angletera

Nahazo sehatra teo amin' ny adihevitra tany amin'ny fitaovan-tserasera samihafa, ny mikasika ireo vakoka tany Angletera dia ireo kojakoja fampiasan' ny Mpanjakavavy Ranavalona III, ireo sary sy soratanan'ny Mpanjakavavy, nisy koa akanjon'i Printsesy Ramasindrazana, rahavavindrenin'ny Mpanjakavavy , izay marihana fa niara-nalefa sesitany tany ivelany tamin'ny Mpanjakavavy.

Raha ampahatsiahivina ny tantara dia ny faran'ny volana Febroary 1897 no niala tao Anatirova ny Mpanjakavavy, sy ireo mpiaradia taminy, nentina tamin'ny filanjana nihazo an'i Toamasina, satria tany izy ireo no nandray ny sambo "La Peyrouse", izay nitondra azy ireo tatsy amin'ny Nosy La Réunion, nandalo tao amin'ny Nosy Sainte-Marie ny sambo naka an'i Ramasindrazana izay nalefan'ny Jeneraly Galiéni sesitany tany ny 15 Oktobra 1896, nijanona tao La Réunion hatramin' ny faran'ny taona 1899 ny Mpanjakavavy ary taorian' io dia nifindra tany Algérie, tany Alger izy no niamboho tamin'ny 23 Mey 1917, ny Praiminisitra Rainilaiarivony dia maty tany Algérie ny 17 jolay 1897. Mazava izany fa tsy nisy fihaonana intsony teo amin' ny roa tonta, ary nataon'ny frantsay mihitsy izay tsy nifankahitan'ny Mpanjakavavy sy ny Praminisitra , efa maty ny Praminisitra vao nalefa tany Algérie ny Mpanjakavavy. Ny tatitra navoakan'ny minisitera ary nosoniavin-dRamatoa minisitra Lalatiana Andriantongarivo Rakotondrazafy anefa dia nisy hono ny taratasy nifanaovan'ny Mpanjakavavy tamin'ny Praiminisitra, izay tsy azo inoana mihitsy satria samy olona gejain'ny frantsay izy ireo ,noho izany tsy nalalaka ny fahafahan'izy ireo mifanoratra, ary ireo taratasy ireo dia teo anelanelan'ny 1897 hatramin'ny 1924, izay midika hoe MATOA-TOA no nifanoratra satria efa voalaza etsy ambony fa 17 Jolay 1897 no maty Rainilaiarivony ary 23 Mey 1917 no niamboho Ranavalona III, ary ny anaran' ny Printsesy Ramasindrazana aza dia diso tao anatin'ilay fanambarana nosoniavin-dRamatoa minisitra, saingy novana avy eo satria ny hita tao dia Ramisandrazana, mitovy amin'ilay Ramatoa olon'ny Arema.

Ny Mpanjakavavy indray dia nalalaka tany ivelany raha ny lafiny mahaolona no lazaina, nahazo nitsidika firenena maro tany ivelany izy, nomena ny ho enti-manana, tsy nigadra fa napetraka tamin'ny toerana sahaza ny Mpanjakavavy, saingy ny voarara tsy navela nataony, dia ny nody taty Madagasikara, sy ny nanao resaka momba ny fitiavan-tanindrazana, ny tiana hambara eto dia tsy mitombina ny momba ireo taratasy nifanoratan'izy sy ny Praiminisitra , sady ny Praminisitra koa vao tonga herintaona tany Algérie dia maty.

Mikasika ireo hambara fa fananan'ny Mpanjakavavy tany Angletera indray , dia efa nambara fa nalalaka ny Mpanjakavavy ary nitsidika firenena maro, ka anisany i Angletera, fa mampisalasala ny mikasika ireo fitafiana sy kojakojan'ny Mpanjakavavy ireo satria ny taona 1917 no niamboho ny Mpanjakavavy, ary 103 taona aty aoriana , taona 2020 vao misy miteny hoe manana vakoka momba ny mpanjaka atao lavanty, any Angletera fa tsy any Algérie.

Ny fanazavana avy amin' ny fitondrana dia manao hoe , tsy ny fanjakana no nitahiry ireo vakoka ireo, fa olon-tsotra noho izany dia tsy nilaina ny nifampiraharaha tamin'ny fanjakana Britanika, fa dia naleo nanavotra ireo vakoka ireo tamin'ny fandraisana anjara tamin'ny lavanty, eo indrindra no mampiasa ny saina, satria ny mpisandoka tsy eto amintsika ihany, fa mety hisy koa any amin'ireo firenen-dehibe.

Tsetsatsetsa tsy aritra no ampahatsiahivana fa ny Mpanjakavavy Ranavalona III raha nalefa sesitany ny faran'ny volana Febroary 1897 dia nomena fahalalahana hitondra ireo firavaka sarobidy hanaraka azy tany ivelany, ny marika naha mpanjaka ihany no tsy azony nentina, ny tantara dia manamarina fa nitaraina mafy mihitsy ireo mpilanja noho ny havesatry ny firavaky ny Mpanjakavavy. Ny tiana ahatongavana dia tsotra sy mazava, dia ny tokony hitakian'ny fitondrana malagasy amin'ny mpitondra frantsay ireo firavaka sarobidy, fa tsy horebirebena amin'izay resaka sary sy taratasy tsy mitombina.

Fa ny tsy azo amaivanina ihany koa dia miketrika mafy ny fitondrana hamiliviliana ny saimbahoaka , tsy hitodika amin'ny tsy fahombiazan'ny mpitondra eo amin'ny fitantana-na ny firenena, dia voizina mafy ny hoe navotanay ny vakoka dia haverinay ao andRova, dia mihevitra fa vita ho azy ilay fananganana ny "Colisée de la honte", saingy sanatria tsy bado akory ny vahoaka Malagasy, ka azo ampanginina, tsy hitaky ny fandrodanana ny foto-drafitrasa mamoafady sy ny mangarahara tamin'ny fananganana azy.

Ny Valosoa

Fifidianana loholona rahampitso

Safidy sadasada manan-tsoratra atao amboletra

Na tamin'ny fampielezan-kevitra, na ny fanomanana fifidianana dia samy tsy manaradalàna avokoa raha ny nambaran'ny Kmf/Cnoe sy ny Transparency International Madagascar ny fifidianana senatera hatao rahampitso. Ho an'ny Kmf /Cnoe dia nanambara izy ireo, fa tsy nanara-dalàna ny fitondram-panjakana satria nandika ny andininy faha-61 amin'ny lalàna fehizoro, izay mandrara ny fitokanana zavabita teny amin'ny Epp sy Ceg teny Soamandrakizay ary ny filoham-pirenena mihitsy no nitarika izany fitokanana izany teny an-toerana tamin'ny 30 Novambra lasa teo. Miantso ny Ceni arak'izany izy ireo mba hamoaka firaketana an-tsoratra momba ireo fandikan-dalàna nataon' ny fitondram-panjakana malagasy. Manginy fotsiny ny havitsian'ireo mpilatsaka ho kandida mpi- faninana satria efa fantatry ny vahoaka, fa tsy aradalàna sy mandika lalàna io fifidianana hatao amboletra rahampitso io. Ny Transparency International Madagascar dia nanitsy ihany koa, fa tokony hahitsy mihitsy aloha io fomba fanaovana pôlitika io , ary tokony hatao madio sy mangarahara ny fifaninanana, mba tsy izay manam-bola foana no ho lany amin'ny fifidianana eto. Sady efa mandika lalàna mantsy izy reny no manam-bola ihany koa, ka lany ho azy na dia tsy safidin'ny maro akory aza. Atao amboletra moa io fifidianana io rahampitso, fa ny vokatra no andrasana na hahomby, na amboletra amin'ny fitenenana tokoa ka izay tian'ny fitondrana hatrany no atao-ny na dia tofezaky ny ha- nohanana sy ny fidangan' ny vidim-piainana aza ny vahoaka malagasy ankehitriny, vokatry ny fifidianana loholona toa sadasada manan-tsoratra iha-ny koa izany.

Ny valosoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Mamilivily resaka toy ny fanaony indray ny fitondrana

Afaka roapolo andro dia hivalona ity taona 2020 ity. Tato anatin'ny 12 volana latsaka kely izay, dia nibahan-toerana ny krizy teo amin'ny sehatra rehetra teto amin'ny firenena. Raha atao indray mijery, dia tsy nahovoka ny fitondrana Rajoelina niatrika ny zava-misy, izay tsy inona fa noho ny fidiran'ny valanaretina teto amin'ny firenena rehefa nanao kajy nangataka andro tamin'ny fanidiana ny sisintany rehetra na an'habakabaka, na an-dranomasina na antanety. Tsy azo adinoina velively, fa noho izany fanapahan-kevitry ny fitondrana niandry fotoana izany no nahatafiditra ny valanaretina teto amintsika, ary niafara tamin'ny krizy, ny fahavoazana sy fahapotehan'ny fiainan'ny vahoaka Malagasy. Fahavoazana izay tsy mbola sitrana ankehitriny ary mbola mitohy. Nisy olom-bitsy nahazo tombony amin'izany, fa ny ankamaroan'ny Malagasy voadaroka tany amin'ny ain-dehiben'ny fihariany sy ny fivelomany. Ny manorisory tanteraka aza, dia mbola nisy ny fanapahankevitra noraisin'ny tomponandraikitra samihafa teto amin'ny firenena ninia nikimpy namotika ny fiharian'ireo mpandraharaha, sy nanamontsana ny fiainan'ny mpiasa madinika. Mazava loatra fa tsy ho tafarina vetivety ao anaty fotoana fohy, na ankehitriny izany fahavoazam-bahoaka izany.

Miseho manao zavatra ny fitondrana amin'izao fotoana izao. Atao resaka hanariana dia ny vahoaka indray izao ny amin'ny hoe famerenana ireo zavatra mahakasika ny tamin'ny andron'ny faha-Mpanjaka. Paik'ady hampanginana ireo taranak'Andriana tsy faly velively amin'ny nanorenana ny Colisée eny Anatirova ve izany? Izy ireo efa nilaza marimarina fa tsy maintsy arodana sy kaohina eny io natsangana io na ho ela na ho haingana. Etsy ankilan'izay, tsikaritra fa tsy atao miharihary fa mbola handaniam-bola ny famerenana ireo zavatra ireo. Midika zavatra be izany. Fa iza no tokony hanome vola ny Malagasy? Iza no nanagorobaka sy nandroaka ankeriny ny haren'ity firenena ity teto nandritry ny taona maro ary mbola ketrehina sy ifotorana mafy hatrany, itadiavana ny fomba rehetra ny hitohizan'izany handritry ny taona maro ho avy?

Familivilian-dresaka fotsiny no betsaka atao eto ankehitriny, mba tsy ifantohan'ny sain'ny vahoaka Malagasy amin'ny tena foto-dresaka mila valiny mazava avy amin'ny fitondrana, amin'ireo raharaha lehibe maro samihafa. Tsy mahavaha ny olam-bahoaka sahirana mafy, amin'ny fiainana amin'izao fotoana izao anefa izany fihetsiketsehana be atao etsy sy eroa izany.

Sôh'son

Depiote Roland Ratsiraka

Tsy manaiky ny fandravan'ny fitondrana ny kianja monisipalin'i Toamasina

Tsy manaiky ny handravan'ny fitondrana ny kianja monisipalin'ny Toamasina ny depiote voafidy tany an-toerana Roland Ratsiraka. Tsy ekena hoy izy ny handravana ity kianjan'ny kaominina ao amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana. Nambarany fa izy sy ireo mpanolotsaina monisipaly MTS dia mankasitraka ny kianja mitafo vaovao izay hatao, fa tsy ravaina ny kianja. Mangataka amin'ny fitondrana izy ireo, mba hatao any amin' ny Stadium Barikadimy ilay gymnase vaovao satria ny mpanao fanatanjahantena rehetra, kliobana baolina kitra, sekoly rehetra, mpiasa miankina sy tsy miankina dia mila io kianja io avokoa. Ny mpanao athletisma rehetra mila ny kianja, ny mpanao rugby. Manana ny tantarany ny stade municipal hoy izy, izay tsy maintsy hajaina. Ny mpanao moraingy koa dia mila io kianja io. Toy izany koa ny mpanakanto. Araka ny fanambarana ihany, ireo zavatra rehetra ireo dia tsy afaka atao ao amin'ny Stadium Barikadimy intsony satria ny bozaka dia tsy voajanahary (gazon synthétique). Ankoatra izany, efa betsaka hoy ny fanambarana ny kiosques sy galérie marchande, ka mila mijanona ho kianja, fa tsy mivadika ho fivarotana izany kianja izany. Mila hajaina hoy ity olom-boafidy ity ny hevitry ny vahoaka, sy ny olom-boafidy rehefa misy zavatra lehibe hatao, izay manova ny tantara sy ny fiainana andavanandro.

Isambilo